# 365Tantara 57. Menatra ny tànanao•



# 57. Menatra ny tànanao •

Nisy ankizy lahy iray izay menatra ny tànan'ny dadany! Isaky ny manatitra azy any am-pianarana izy ity dia asainy manao gà-tànana, mba tsy hisy hahita ny tànany.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



Efa imbetsaka no nanontany ny rainy izy hoe:  fa maninona no dia ratsy be toy izao ny tànanao?
-" Holazaiko anao rehefa lehibe ianao!".



Taona vitsy taty aoriana, rehefa lasa tovolahy ilay ankizy lahy, dia nanontany ny rainy hoe : Dada ô, fa maninona hoy aho ny tànanao no ratsy tarehy toy izao?



Ary dia nambarany azy ny fomba namonjeny azy avy tamin' ny hain-trano sy izy mianaka saika namoy ny ainy.



Odre ry Dada! hoy ilay tovolahy namaly, ny maso feno ranomaso, mamelà ahy,

tsy menatra ny tànanao intsony aho izao fa menatra ny tenako!

Hafa lavitra,  ny tànanao no namonjy ny aiko, nefa tsy fantatro!

Moa ve ianao menatra ny tànan'i Jesosy? Kanefa ny tànany koa no

namonjy anao tamin'ny fahafatesana mandrakizay?  Filazarantsaran' i Jaona  toko faha 20 andininy 27.

Ny Tenin'Andriamanitra dia milaza amintsika ny resak' i Jesosy niaraka tamin' i Tomasy: "Atehefo eto ny rantsan' tànanao, ka jereo ny tànako!"

Jereo ny tànan'i Jesosy, mitondra ny porofon'ny fitiavany anao!